IGNACE RANDRIAMAMIZAFY

# Ho potika sy hihanjahanja ry TGV sy ry Rajoelina


*TAFARESAKA TAMIN'NY MPANAO POLITIKA AVY AMIN'NY TIM SY NY RODOBEN'NY MPANOHITRA RMDM, IGNACE RANDRIAMAMIZAFY NA I GÔNA, NY GAZETY NY VALOSOA VAOVAO, MAHAKASIKA NY RAHARAHAM-PIRENENA, INDRINDRA NY MOMBA NY ADY ANATINY AO AMIN'NY FITONDRANA, SY NY FIFIDIANANA FILOHAMPIRENENA HO AVY. DINIDINIKA:*

**-Gazety Ny Valosoa Vaovao (GNVV): ahoana ny fahitanao ity ady anatiny ao anivon'ireo mpi- ara-dia ao amin'ny fitondrana ity amin'izao fotoana?**

**-Ignace Randriamamizafy (IR):** raha izao raharaham-pirenena amin' izao fotoana: ho potika sy hihanjahanja eo ry Tgv sy ry Rajoelina ireo. Ka io lojika izany, na tsy miady an-trano aza izy ireo, fa raha vao plateforme des partis dia ho rava foana io amin'ny fin de mandat na faran'ny fotoam-piasana ary mise en minorité, na miha-vitsy an'isa foana izay filoha manao an'io. Tsy possible sady tsy logique anie ny situation eto: Filoha lany 52% nefa avy eo manana deputé 90%, iza izany, dia electeurs avy taiza ilay 35% nanampy azy io. Ny logique raha lany 52% ny filoha, dia raha be indrindra 56% no deputé azony. Fa iza ilay 35% niditra tao. Ary dia ireo 35% ireo miala tao rehefa akaiky ny fin de mandat. Efa voan'io ny Tim 2009, ny filoha Ravalomanana lany 52% 2006 nefa nanana depute 90 % 2007, niala tao ry Jacques Sylla sy ny namany. Voan' io Rajao: lany 54% 2013 nahita depute majorite tsy hay fiaviana izany 2014, fa nialan'ny depiote tamin'ny 2018: 73 deputés. Dia io koa voa koa Rajoelina, lany 52% 2018, fa lasa mahita depute IRD 85% tampoka eo 2019. Dia ho vita io 2023.

**-GNVV : manao ahoana kosa ny mpanohitra, indrindra ny TIM sy ny RMDM, manoloana izay zava-misy, tsy fahombiazana sy fizarazaran' ny mpomba ny fitondrana izay ?**

**-IR :** mila jeux d'alliance ho an'ny filoha raha miditra 2e tour, fa ny election deputé tsy tokony hanaovana jeux d'alliance na plateforme. Ny majorite ange 50% +1, ka raha lany 52% ny filoha Tim, dia ahoana moa no tsy hahazoan'ny Tim deputé 50%+1. Fa tena ratsy be ary mal elu ilay filoha dia milatsaka 48% ohatra ny depute azony, dia manao jeux d'alliance any anaty gouvernement anie dia mahazo majorite relative e. Mampiditra parti manana 5% depute fotsiny dia vita (Tranga, na cas: Macron any France io), fa tsy hoe mba hahazoana majorité 80% dia andao hanao plateforme Tim + nanana blabla amin'ny election deputé. 50+1 dia efa majorite absolu afaka mi-gouverner na mitondra, ka hatao inona 80% ?


*Ny mpanao politika Ignace Randriamamizafy, na i Gôna.*

**-GNVV : ahoana ny vinavinanao amin'ny fifidianana filohampirenena ho avy eo?**

**-IR :** fijeriko an'io : Scenario 1 : Ravalo vs Siteny no 2 e tour. Scenario 2 apres halabaton-dRajoelina, Ravalo vs Rajoelina. Scenario probable : mety hisy sy hitranga koa : rotaka be après 1er tour, satria hangalabato Rajoelina.

**-GNVV: ahoana no ho fiatrehan'ny mpanao politika an'izay, indrindra ny mpanohitra?**

**-IR:** mila homanina mialoha ny fomba hiatrehana sy hitantanana an'io. Izany hoe mila hay mialoha ny strategie na ny paikady rehetra hiatrehana ny halabato, sy ny gestion de crise, na ny fitantanana sy ny fiatrehana ny krizy ao aorian'io.

**Nangonin'Isambilo**

Depiote Ramboasalama

# Nanome pilipitra ho ana fiangonana noho ny fetin'ny Noely

Noho ny fankalazana ny fetin'ny Noely, na ny Krismasy ny alahady 25 desambra lasa teo, nanao asa sosialy tao amin'ny fiangonana katolika ao amin'ny Boriboritany nahavoafidy azy, ny depioten'ny Boriboritany faha-4, Ramboasalama Emilien. Noho iszay antony izay, nanolotra Pilipitra ( Pupitre ) tao amin'ny Paroasy Mb Maria Mpanampy, EKAR SOANIERANA izy, ho fampitaovana ny tranon'Andriamanitra, sy ho fampiroboroboana ny fitoriana ny Soratra Masina. Misandrahaka amin'ny lafin-javatra maro ny asa sosialy, ataon'ity olomboafidy avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ity, ao amin'ny Boriboritany naha voafidy azy.

***Isambilo***


*Ny fanomezana nomen'ny depiote Ramboasalama Emilien.*

Antoko MFM

# Mitohy ny tolona, feno 50 taona ny 27 desambra teo

Feno 50 taona ny 27 desambra teo ny antoko MFM. Antoko niorina tamin'ny 27 desambra 1972, feno 50 taona katroka arak'izany ity antoko ity ny talata teo. Ny MFM dia midika ho Mpitolona ho amin'ny Fandrosoan'i Madagasikara, tany aloha: Mitolona ho an'ny Fanjakan'ny Madinika. Arak'izany, mbola mitohy foana ny tolona ho an'ny ao amin'ity antoko ity, sy ireo mpikatroka ao aminy. Nisy afak'omaly 27 desambra 2022, ny fankalazana teto Antananarivo, teny Tsiadana tao amin'ny Boriboritany faharoa, nomanin'i Doris Rakoto Samuel, vadin'i Mahery Lanto Manandafy, ity farany izay zanaka lahin'i Manandafy Rakotonirina, isan'ny mpanorina ny MFM tamin'ny taona 1972.


*Ny fankalazana ny faha-50 taonan'ny antoko MFM teny Tsiadana ny talata teo.*

Nanotrona izany ny mpikambana Mafana, na MFM isany: Ramarolahy Maurice, Depioten'Antsalova teo aloha, sy Raharinirina Jacques Aimé.

Mbola voatazona amponja ao Antanimora nanomboka ny faran'ny volana septambra 2022 i Mahery Lanto Manandafy, noho ny ampamoaka nataony, ka nanondroany ireo mpiray tsikombakomba mpamatsy bala ny dahalo.

Nisy ihany koa ny fankalazana nataon'ireo MFM any Toliara.

Nivoizin'izy ireo, fa ny afo tsy maty, mitohy ny tolona.

Hisy ihany koa hetsika hatao ao amin'ny Motel Anosy anio alakamisy 29 desambra 2022, ho fankalazana ity faha-50 taonan'ny MFM ity, araka ny fanasana nataon-dRakotovazaha Olivier, senateran'i Madagasikara teo aloha, sady filoha nasionaly mpisolo toerana ny antoko.

***Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Politika fanambatambazana

# Mariky ny tsy fahombiazana amin'ny fitantanana firenena

Tsy fahaizana mitondra firenena tsotra izao ny fanaovana politikan'ny fanambatambazana. Miharihary fa miditra amin'izany tato ho ato i Andry Rajoelina sy ireo mpiara-dia aminy manohana azy. Niaraha-nahita sy nandre ireny teny Antaninarenina ireny, nandritry ny fankalazana ny fetin'ny Krismasy. Iza no tsy mahalala, indrindra ny mpanara-baovao sy mpandinika ny fiainam-pirenena, fa misy ankolafin'olona eto ailika sy atao anjorom-bala. Misy tsy amakiany loha sy tsy raisiny velively eny amin'ny lapan'Antaninarenina na dia mangataka fihaonana aminy, fa very fotsiny sy mihantona ao amin'ny mpandray ny taratasy fangatahana. Misy aman-taonany ireny no milona fotsiny ao tsy misy valiny. Izany hono izy no milaza firaisankina sy fifankatiavana. Dia niaraha-nahita sy nandre ihany koa ny fanomezana zavatra fanambatambazana ireo mpivarotra nisiotsioka azy teny Analakely. Mazava loatra fa mbola hisy hafa izany fihetsika izany ary amin'io sokajin'olona fantimpantenana ihany no mahazo izany, izay azo anaovana famahanan-dalitra sy fampandriana adrisa ary azo ampiesonina toy izay efa nataony hatramin'izay.

Dia niaraha-nahita sy nandre ihany koa ny fanapahan-kevitry ny Ben'ny tanànan'Antananarivo renivohitra, izay voalaza fa niara-nidinika tamin'ny tao amin'ny Prezidansa na ny filohan'ny Repoblika, ny hanomezana alalana indray aloha ireo mpivarotra amoron-dalana hivarotra amin'ny toerana efa nandroahana azy. Politikan'ny fanambatambazana daholo izany rehetra izany. Ary hatramin'ny solombavambahoaka Raholdina mody mahita midina eny amin'ny 67ha, momba ny resaka tany misy tontolo maitso izay tsy eken'ny mponina ny anaovana fanorenana trano ary tsy maintsy arodana ny efa misy manandrana manangana trano amin'izany toerana izany. Mazava loatra fa fanaovana pi-maso amin'ny vahoaka isehoana, fa tena mijery azy ireo ny fitondrana izany fihetsika izany.

Sanatria, mbola hisy olom-pirenena ho mora voafitak'izany politika miharo hafetsena ratsy izany ve? Iaraha-mahalala ny ngidim-piainana manjo ny sarambabem-bahoaka tato anatin'ny efa-taona nitondran'i Andry Rajoelina izao. Fidangan'ny vidim-piainana izay tsy mitsaha-misondrotra andro aman' alina, ny tsy fandriampahalemana isehoan'ny habibian'ny asan-jiolahy sy dahalo manapotika ny fiainam-bahoaka andro aman'alina... Ny tanànan' Antananarivo tsy misy fiovàny fa vao mainka aza mihemotra ary anaty fahapotehana ny renivohitra. Maneho izany ny fivangongon'ny fako eraky ny arabem-bahoaka, ny fahapotehan'ny lalana izay mahatsiravina mihitsy ao anatin'izao fotoam-pahavaratra izao, ary tsy nitàna ny teniny sy nanatanteraka ny fampanantenany i Naina Andriatsitohaina Vazahabe, ka zary namita-bahoaka fotsiny. Ny fahatsapan'izy ireo izany tsy fahombiazany izany, no tsy maintsy nidirany amin'izao politika fanambatambazana sy fanampena-maso vahoaka izao. Mazava loatra fa tsy hivaky loha amin'ny Malagasy mihitsy izy ireo ny amin'izay tsy fahaiza-mitantana izay, satria eo ny tsy fahatsiarovan-tena ho tomponandraikitra tanteraka eto amin'ity firenena ity, fa zatra manilika amin'ny hafa hatrany ny tsy mety.

***Sôh'son***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Audrey A.**